REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

**MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR**
**ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE**

---

# FANAMBARANA

Efa rentsika tamin'ny haino aman-jery samihafa fa efa nisy daty voatondro hanantontosaina ireo fanadinam-panjakana isan-tsokajiny.

Ho an'ny fanadinana Bakalaorea 2020 manokana, ny vanin'andro izay efa voatondro teo aloha dia ny 05 ka hatramin'ny 16 oktobra, dia voatery nahemotra kely indray mba tsy hifanitsaka amin'ny fotoanan'ny fanadinana CEPE izay hotontosaina manomboka amin'ny voalohanny volana septambra ka hatramin'ny 15 septambra, sy ny BEPC izay hotanterahina ny 21 ka hatramin'ny 25 septammbra 2020.

Koa rehefa nandinika lalina niaraka tamin'ireo rantsa-mangaika eny amin'ny Oniversite isaky ny Faritany ankilany, ary araka ny tapaka teo anivon'ny Filan-kevitry ny Governemanta tamin'ny 26 aogositra 2020 izay mifanaraka @ didim-pitondrana laharana 17851/2020-MESRS natao tamin'ny 27 aogositra 2020 andaniny, dia toy izao ny fandaharam-potoanan'ny fanadinana :

**Ho an'ny Bakalaorea Ankapobeny,**

ny alatsinainy 19 oktobra 2020 manomboka amin'ny 07 ora maraina ka hatramin'ny zoma 23 oktobra 2020.

**Ho an'ny Bakalaorea Teknolojika sy Teknika ary Araka asa,**

- Fanadinana Andininy voalohany :

  ny alatsinainy 19 oktobra 2020 manomboka amin'ny 07 ora maraina ka hatramin'ny zoma 23 oktobra 2020

- Fanadinana Andininy faharoa :

  ny alatsinainy 26 oktobra 2020 manomboka amin'ny 07 ora maraina ka hatramin'ny alakamisy 29 oktobra 2020.

Io fanapahan-kevitra io no noraisina mba hahafahan'ny mpiadina manana fotoana malalaka hanomanana sy hifehezana ny fahalalàna. Izany koa no natao mba hanamafisana izay efa hay ary indrindra indrindra mba hanampiana azy ireo hahavita ny tsara indrindra raha hiatrika ny fanadinana amin'ity taona ity. Ambonin'izany nefa, dia tsy maintsy arahina koa ny fanajana ny elanelana fara-fahakeliny 1 metatra isaky ny mpianatra sy ny fitsipika ara-pahasalamana nifanaraka amin'izany, ny efitranon'ny fanadinana izay nitombo be tokoa ny isany, dia tsy maintsy homanina sy hofendrahina fanafody.

Ankoatr'izay, ny momba ny fandaminana ny fanadinana ara-panantanjahan-tena indray (EPS), dia ny fandalinana ny mason-tsivana sy ny singa anisan'ny fototra no nahatsapana fa :

- ny mpiadina dia tsy ampy fanomanana hanantanteraka ny taranja « fanatanjahantena », ary io tsy fahampian'ny fanazaran-tena io dia mety hiteraka fahasembanana ara-batana mandritra ny fanadinana,
- ny taranja iraisana dia anisan'ny antony mahatonga ny fihanaky ny Covid-19,
- mety hiteraka fikorontana goavana eo amin'ny fandaminana ny fanadinana Bakalaorea koa ny fifanitsahan'ny taranja atrika sy ny taranja an-tsoratra,
- ny fifaninanana ara-panatanjahantena moa dia mbola nahantona araka ny toro-marika nomen'Andriamatoa Filoham-pirenena Hajaina tamin'ny kabary nataony ny 23 aogositra 2020.

Araka izany àry, sy ny mba hanarahana an-tsakany sy an-davany ireo fepetra ara-pahasalamana mikasika ny ady atao amin'ny fiparitahan'ny Covid-19, ny Filan-kevitry ny Governemanta izay nivory tamin'ny 26 aogositra 2020 dia nanapaka fa hofoanana ny taranja "fanantanjahan-tena" atrehina sy ara-drijan-kevitra ho an'ny Bakalaorea 2020 manokana ihany araky ny didim-pitondrana laharana 17852/2020-MESRS natao tamin'ny 27 aogositra 2020.

Eto am-pamaranana, ny Ministera mpiahy dia mankahery mandrakariva ireo mpiadina mba hahazo vokatra tsara amin'ny fanadinana Bakalaorea 2020.

Natao teto Antananarivo, faha 27 AOUT 2020
Ny Minisitry ny Fampianarana Ammbaratonga
Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa

**Pr. Elia Béatrice ASSOUMACOU**